# Ilay Voa Tsara Nafafy 26 Desambra 2018

**26** **Alarobia**
desambra

**Anjely maro be avy any an-danitra … nidera an'Andriamanitra nanao hoe : Voninahitra any amin'ny avo indrindra ho an'Andriamanitra ! Ary fiadanana ho etỳ ambonin'ny tany.** Lioka 2. 13, 14

**Ny firenena tsy hanainga sabatra hifamely na hianatra ady intsony.** Isaia 2. 4

### Fiadanana ho etỳ ambonin'ny tany (1)

Indray alina tsotra tany Atsinanana, tany akaikin'i Betlehema : nisy mpiandry ondry niandry ny andian'ondriny tany an-tsaha. Tampoka teo anefa dia nisy anjely niseho tamin'izy ireo, ary nanambara ny nahaterahan'ny Mpamonjy, dia i Kristy. Ilay Zanak'Andriamanitra vao teraka dia nandry teo amina fihinanam-bilona any Betlehema. Ary hitan'ny mason'izy ireo, nisy anjely marobe nanome voninahitra an'Andriamanitra nanao hoe : „Fiadanana ho etỳ ambonin'ny tany".

Fiadanana ! Hafatra lehibe tokoa izany, ho an'io firenena niaina tao ambany vahohon'ny mpanjana-tany romana io, tamin'izany fotoana izany ! Ny fiadanana tokoa no nandrandrain'ny olona tsiraíray nandritra ny vanimpotoana rehetra.

Taonjato roapolo izao no nandalo, taorianan'ny nanambarana izany fiadanana izany. Tsy azo lavina fa manalavitra kokoa hatrany izany hetaheta izany izao tontolo izao ! Naorina ny Firenena Mikambana (ONU) tamin'ny 1945 ary nanankinana ny andraikitra mba hitahiry ny fandriampahalemana eo amin'ny samy firenena, nefa vetivety foana dia hita fa tsy hay tanterahina izany. Nosoratana teo amina rindrina mifanatrika amin'ny tranoben'ny ONU, any New York, antsoina hoe Rindrin'i Isaia, ny andinin-tSoratra Masina hoe :

„Hanefy ny sabany ho fangady ireny, ary ny lefony ho fanetezam-boaloboka ; ny firenena tsy hanainga sabatra hifamely na hianatra ady intsony". Eny, indray andro any, dia hanjaka eto an-tany ny fandriampahalemana ary tsy hisy ilàna intsony ny fitaovam-piadiana. Izany teny faminaniana izany, nambara 2700 taona teo ho eo izay, dia ho tanteraka rehefa hiverina fanindroany etỳ an-tany mba hanjaka Jesosy Kristy, Ilay Andrianan'ny fiadanana. Fa androany Andriamanitra dia manolotra filaminan-tsaina sy fiadanam-po ho an'izay te hitoky aminy.

*(rahampitso ny tohiny)*